# Ilay Voa Tsara Nafafy 27 Desambra 2020

# 27 **Alahady** desambra

**Nandeha Jesosy ka nahita mpamory hetra atao hoe Levy, nipetraka teo am-pamorian-ketra ; dia hoy Izy taminy : Manaraha Ahy. Ary nahafoy ny zavatra rehetra izy ka nitsangana, dia nanaraka Azy.** Lioka 5. 27, 28

***(Hoy Jesosy tamin'i Petera :)*** **Manaraha Ahy ianao.**
Jaona 21. 22

## Manaraka an'i Jesosy Kristy

*Afaka manaraka Anao am-piadanana izahay,*
*Ry Jesosy, eo amin'ny lalana feno fanetrentena*
*Izay nekenao hiainana,*
*Tsy takatry ny olona Ianao ary nolaviny ;*
*Miaraka aminao, tsy manana an'iza na iza,*
*Mamafy soa hatrany hatrany,*
*Eo amin'io lalana io, amirapiratan'*
*Ny fon'Ilay Olona lavorary !*

*Soa toa inona moa no sokafan'io lalana io ho anay !*
*Harenam-panetrentena manao ahoana !*
*Andriamanitra tenany aza ao, tsy mahita*
*Afa-tsy fahazavana sy fahamasinana.*
*Ary izahay, fenon'ny fahasoavanao,*
*Zanak'Andriamanitra satria mino,*
*Dia afaka manaraka ny dianao*
*Ao amin'ilay fitiavanao ihany koa.*

*Na dia mihalevona aza ny herinay*
*Ao anatin'ny tebiteby sy ny asa mafy,*
*Na dia manandrana fangidiana aza izahay*
*Eo am-panarahana Anao, ry Mpamonjy,*
*Dia Ianao no banjininay*
*Mba hanahafanay Anao,*
*Mba hanehoanay taratra kely*
*Amin'ny maha olombelona masina Anao.*

*Fa ny lalana dia mifarana*
*Ao amin'io tany feno voninahitra io,*
*Amirapiratan'ny fahatsaranao amin'ny maha Andriamanitra Anao,*
*Ry Mpamonjy nandresy.*
*Fahasambarana tsy manam-paharoa no ao,*
*Hitsaoka sy homem-boninahitra izahay,*
*Ary hatao mitovy aminao*
*Ho mandrakizay !*